SAKAMALAHO SY HAVOZO

Mpanararaotra !!!

Vao nahafantatra tamin' ny gazety sy ny haino amanjery ireo mpivarotra fa hiakatra indray manomboka amin'ny fiandohan'ny volana ambony ny vidin'ny solika, nanomboka sahady ny kajikajy madinika. Mazava fa tsy maintsy hiakatra avokoa ny vidin'entana rehetra, na dia ireo tsy misy hidiran'ny solika akory aza. Ny an'ny mpivarotra sasany, tahirim-bary efa ho telo volana tao aminy no afenina aloha ary amidy amin'ny vidiny ambony kokoa mba hanamarinana fa entana vaovao. Fomba fiady mahazatra ny mpivarotra rehetra izany, saingy ny toe-tsaina no mamohehatra.

Raha nahitana fidinany kely 50 Ar ny kilaom-bary, herinandro vitsivitsy lasa, hiova sahady ny vidiny manomboka amin'ny alatsinainy. Hanaraka an'izay avokoa ny entana rehetra, indrindra ireo tena ilaina amin'ny fiainana andavanandro (savony, siramamy, menaka...). Rahoviana vao ho afaka amintsika ny fanararaotana sy fitiavan-kely manararaotra ny madinika ?

Ny tsena mora nivarotra ny entana tamin'ny vidiny mora rahateo, efa nandrindrim-baravarana. Izao anefa no fotoana ilan'ny maro anisa azy.

Vonjy

ato anatiko hatry ny ela ny ho tonga mpitarika mpizahatany hanohana amin'ny fanatanterahana izany.

io. Tafiditra ao ny fitantanana, fianarana ny maritrano.

dra tetikasa.

Nangonin'i

FAHASALAMAN'NY TRABOINA

Fanafody mitentina 2 tapitrisa Ar avy amin'ny Ostie

Isan-taona, fomba mahazatra efa fanaon'ny Organisation sanitaire tananarivienne inter-entreprises (Ostie) ny manolotra fanafody ho an'ny Bngrc, aorian'ny fandalovan'ny loza voajanahary, toy ny rivodoza sy ny hafa. Tsy nanadino ireo traboina marobe any amin'ny Faritra Atsimo Andrefana ny tomponandraikitry ny Ostie. Fanafody antibiotika, ody kohaka ary fampatanjahana no natolotra ny Kolonely Andriakaja Elack Olivier, mpiandraikitra ao amin' ny Bngrc, omaly teny Andrainarivo. *«Aorian' ny fiavian'ny voina tahaka izao, miparitaka be ny otrikaretina mpitondra ny gripa ka ilaina hatrany ny karazam-panafody tahaka izao»*, hoy ny talen'ny famatsiana ny tahirim-panafody ao amin'ny Osite, Ramisaely Christian. Matetika, tsy mahavidy ireo sakafo mitondra hery fiarovana ny mponina ka mora andairan'ny gripa, izay misy kazarany anarivony. Tao anatin'ny iray volana, mirongatra ny gripa manerana an'i Madagasikara. Mifindra haingana amin'ny alalan'ny rivotra ny *«virus»*, araka ny zavamisy eny amin'ireo toerampitsaboana maro.

Hatao fiandry ao amin'ny Bngrc

Mitentina 2 tapitrisa Ar ny fanafody natolotry ny Ostie izay mety hatao tahiry fiandry. *«Hanao tombana sy fanadihadiana ny toe-javatra any amin'ireo distrika nahitana traboina ny Bngrc. Raha tsapa fa ampy ny tahiry any an-toerana, apetraka ho fiandry ao amin'ny Bngrc foibe ireo fanampiana ireo»*, hoy ny Kolonely Andriakaja Elack. Mbola amin'ny volana mey rahateo vao hifarana ny vanim-potoana fahavaratra mitondra rivodoza. Mbola nanamafy ity tomponandraikitry ny Ostie nanolotra ny fanafody ity fa azo antsoina amin'ny fotoana rehetra ilan'ny Bngrc fanampiana izy ireo.

Vonjy

Efa fanaon'ny Ostie ny manolotra fanafody ny Bngrc, isan-taona.

TAORIAN'NY « Efa miai

Efa niverina eto A tomponandraikitry an-tanana ireo tra doza Haruna. Ny I ka anisan'izany ny tra hitany tany Ko ny Bngrc.

Taratra(•) : 2 v orian'ny fandalova runa tany Morom nao ahoana ny fia mponina?

Seva J.C (-) : boka miarina ny ol manorina ny trano n na ary miverina am hariana mahazatra jono. Olona 330 ireo namonjy ny fonenan amin'izao fotoana i kontany efatra amin ao anatin'ny kaomi bonivohitra Morom no azo ifamezivezer sisa, mitoka-monina ka. Valo ny kaomi Morombe ka Anto Ambahikily no ten dalana sady mita ran ihany no tonga ao voalohany ary fiara t ho-dalana raha a Toliara no tody ao hikily. Efa azo am kosa ny tetezana Bel

• Inona no ten goavana nosedrain an-toerana ?

- Ho an'ny fi simba 80% ny fa kabaro sy vary ao Lemaky Basse Mang sompitra mpamatsy